
# Drafitra momba ny Fitaterana eo anivon'ny Kaominina

------------

## Drafitra Itantanana ny Lalana
## eny amin'ny Kaominina Ambanivohitra
## (DIL)



ONG Lalana

Juillet 2016

# FANOROAN-TAKILA


1. FAMPIDIRANA ... 1
1.1. NY DRAFITRA MOMBA NY FITATERANA EO ANIVON'NY KAOMININA ... 1
1.2. INONA NO ILANA NY DRAFITRA ITANTANANA NY LALANA ... 1
1.3. IZA AVY IREO VOAKASIKY NY DIL ... 2
2. NY TSARA HO FANTATRA MIALOHAN'NY HANDRAFETANA NY DIL ... 2
2.1. NY LALANA MIFEHY NY LALANA ETO MADAGASIKARA ... 2
*a. Fanasokajiana ny lalana sy ny tompon'andraikitra* ... 3
*b. Fanitarana na fanovàna ampahan-dalana* ... 3
2.2. FANANAN-TANY EO ANIVON'NY KAOMININA ... 3
2.3. FANAJARIANA NY TANY EO ANIVON'NY KAOMININA ... 4
2.4. FIVEZIVEZEN'NY MPONINA ... 4
2.5. IREO SOKAJIN-DALANA ... 4
3. NY REJISTRY NY LALANA EO ANIVON'NY KAOMININA ... 5
3.1. NY DINGANA ANKAPOBENY ARAHINA HO FANDRAFETANA NY REJISTRA ... 5
3.2. FAMANTARANA NY LALANA MISY ENY IFOTONY ... 6
*a. Fijerena ireo lalana efa voarakitra anaty taratasy* ... 6
*b. Fijerena ifotony ireo lalana rehetra misy* ... 6
3.3. FANDRAVONANA NY LISTRY NY LALANA EO ANIVON'NY FOKONTANY ... 7
3.4. FAMOAHANA NY REJISTRY NY LALANA EO ANIVON'NY KAOMININA ... 8
4. NY DRAFI-PANDAMINANA NY ASA FIKOJANA SY FANAMBOARANA NY LALANA ... 10
4.1. FIJERENA NY ASA FIKOJANA SY FANAMBOARANA TOKONY ATAO ... 10
4.2. FANDAMINANA NY ASA ATAO SY FAMETRAHANA NY LAHARAM-PAHAMEHANA ISAKY NY LALANA ... 11
5. NY FITANDROVANA NY LALANA ... 11
6. NY ENTI-MANANA ARA-BOLA ... 12
*a. Ny mety ho loharanom-bola* ... 12
*b. Fitsinjarana ny eo am-pelantanana* ... 12
7. NY RAFITRA MANATANTERAKA NY DIL ... 12
*a. Fametrahana sampan-draharaha teknika eo anivon'ny Kaominina* ... 13
*b. Fandaminana eo anivon'ny Kaominina sy isam-pokontany* ... 13
8. ANTONTAN-TARATASY MANDRAFITRA NY DIL ... 13
9. FEHINY SY TOROMARIKA ... 14

TOVANA 1. REJISTRY NY LALAN'NY KAOMININA ... 15
TOVANA 2. DRAFI-PANDAMINANA MANDRITRY NY 5 TAONA ... 16
TOVANA 3. SCHÉMA D'ITINÉRAIRE ET D'AMÉNAGEMENT ... 17

## Fanafohezan-teny

DFK : Drafitra momba ny Fitanterana eo anivon'ny Kaominina
DIFT : Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany
DIL : Drafitra Itantanana ny Lalana
FER : Fonds d'Entretien Routier
MOP : Maîtrise d'Ouvrage Publique
ONG : Organisation Non Gouvernemental
PCD : Plan Communal de Développement
RC : Route Communale
RF : Route de Fokontany
RIC : Route Inter Communale
RIF : Route Inter Fokontany
RN : Route Nationale
RP : Route Provinciale

# 1. Fampidirana

## 1.1. Ny Drafitra momba ny Fitaterana eo anivon'ny Kaominina

Tanjon'ny ONG Lalana ny fanatsarana ny fivezivezen'ny mponina. Dingana ahatongavana amin'izany ny fanaovana tantsoroka ny Kaominina Ambanivohitra mba hananany paikady mikasika ny lalana sy ny fitaterana ao aminy. Izany paikady izany dia arindra ao anatina Drafitra momba ny Fitaterana eo anivon'ny Kaominina, na *Plan Communal de Transport (PCT).*

Ny Drafitra momba ny Fitaterana eo anivon'ny Kaominina (DFK) dia fitambarana drafitra na lamina apetraka hoentina mampiroborobo ny sehatry ny fitaterana ao anaty ny Kaominina iray. Ireo drafitra na lamina ireo dia miantoka ny fivezivezen'ny mponina ary miaro izany fahafahana mivezivezy izany amin'ny fanatsarana ny fotodrafitrasa, ny asa ary ny fitaovana ilaina amin'ny fitaterana.




Miandalana ny fandrafetana ireo drafitra ireo ary misantatra izany ny Drafitra Itantanana ny Lalana (DIL) izay hazavaina anatin'ity boky ity.

## 1.2. Inona no ilàna ny Drafitra Itantanana ny Lalana

Ny Drafitra Itantanana ny Lalana na DIL dia singa iray ao anaty ny DFK ka hoentina manatsara ny fotodrafitrasa mahakasika ny lalana ao amin'ny Kaominina iray. Paikady aroso eo amin'ireo Kaominina eny ambanivohitra mba hitantanana, hanamboarana, hikojana ary hiarovana ny lalana ny DIL. Izany no hapetraka dia ahafahan'ny mponina mifamezivezy tsara amin'ny famitàna ny antom-pivelomany ka hampivoatra ny fiainany ary noho izany dia hampandroso ny Kaominina itoerany.

Efa voasoratra ao amin'ny Sata mifehy ny lalana[1] koa fa tokony hanana politika fitantanana ny lalana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana tsirairay avy eto Madagasikara.

Ny DIL dia fitaovana entina mampiroborobo ny lafin'ny fitaterana ao amin'ny Kaominina iray sy eo amin'ny samy Kaominina ary ao amin'ny Faritra iray. Rehefa manana DIL ny Kaominina iray dia mora kokoa amin'ny Fanjakana foibe, na ny Ministera teknika, na ny Mpamatsy vola, na ny Mpiara miombon'antoka no manampy amin'ny fanamboaran-dalana arak'izay voasoratra ao amin'ny Rejistra.

Ny DIL dia hahafahan'ny mponina mampiasa ny karazana fitaovam-pitaterana eo am-pelatanany amin'ny karazan-dalana mifanaraka amin'izany sy izay misy eo amin'ny Kaominina. Ny tanjona dia ny hahakely ny fotoana handehanana sy ny ahazakàna entana betsaka rehefa mivezivezy ny mponina.

Anisan'ny antoka anankiray amin'ny fampandrosoana ny fananan'ny Kaominina ny DIL satria ny fahatsaran'ny lalana dia fototry ny fahatomombanan'ny fifaneraserana. Ny 90% ny fifamoivoizana eto Madagasikara mantsy dia an-tanety avokoa.

### 1.3. Iza avy ireo voakasiky ny DIL

Eo anivon'ny Kaominina dia samy manana anjara andraikitra momba ny DIL na ny Mpitondra na ny olompirenena rehetra :

- Ny Ben'ny Tanàna dia voatondron'ny Sata mifehy ny lalana ho tompon'andraikitra (Maître d'ouvrage) amin'ny lalana eo anivon'ny Kaominina. Izy no mamoaka ny vokatra ofisialin'ny DIL ary manao izay ahatanteraka ilay drafitra.
- Ny olompirenena rehetra dia tompon'antoka amin'ny famolavolana sy ny fampiharana ny DIL. Raha tiana hisy vokany azo tsapain-tanana amin'ny fiainan'ny mponina rehetra – lahy – vavy – ankizy- tanora- lehibe ny DIL avoakan'ny mpitondran'ny Kaominina dia tokony alaina foana ny hevitr'izy ireo.

Ny DIL dia tokony ho fantatry ny fitondrana eo amin'ny Faritra, sy ny fitondrana foibe mba hahafan'izy ireo mandrindra ny fifezivezen'ny mponina isam-paritra sy manerana an'i Madagasikara.

## 2. Ny tsara ho fantatra mialohan'ny handrafetana ny DIL

Misy fepetra arahina rehefa mamolavola ny DIL satria misy ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana sy ny fitantananana ny lalana eto Madagasikara. Jerena ihany koa ny momba ny fananan-tany sy ny fanajariana ny tany satria mifampiankina amin'ny faritra lalovan'ny lalana ireo. Mety hanelingelina tanin'olona na koa hanimba ny fanajariana ny tany ohatra ny famakiana lalana vaovao. Mety ihany koa hanohitohina ny fivezivezen'ny olona ny famaritana tany tsy ara-dalàna, na koa fanajariana ny tany tsy voadinika tsara.

### 2.1. Ny lalàna mifehy ny lalana eto Madagasikara

Ireto ny didy aman-dalàna tokony ho fantatry ny tompon'andraikitry ny Kaomnina rehefa hamolavola ny DIL.

[1] Lalàna 98-026 tamin'ny 20 janoary 1999 izay manova ny Sata mifehy ny lalana.

### a. Fanasokajiana ny lalana sy ny tompon'andraikitra

- **Ny Lalàna n°98-026 na Sata mifehy ny lalana (Charte Routière)**, no manasokajy ny lalana eto Madagasikara, mamaritra ireo tompon'andraikitry ny lalana sy ny anjara andraikitra mifanaraka amin'izany. Voalaza ao anatin'izany fa ny tompon'andraikitry ny lalana ara-panjakana (Maître d'Ouvrage) dia :
    - Ny Ministeran'ny Asa Vaventy ho an'ny Lalam-pirenena (RN)
    - Ny Faritany ho an'ny Lalam-paritany (RP), izay mifindra any Faritra
    - Ny Kaominina ho an'ny ankoatr'ireo (RC)
- **Ny Lalàna n°99-023 na Lalàna mifehy ny maha-tompon'andraikitra ara-panjakana** antsoina hoe Loi MOP (Loi sur la Maîtrise d'Ouvrage Publique) izay mamaritra ny fanaovana ny fanadihadiana sy ny fanamboarana ireo foto-drafitrasa miankina amin'ny fanjakana.

  Milaza ihany koa ny lalàna MOP fa afaka hafindra amin'ny Maître d'Ouvrage Délégué ny ampahany maha tompon'andraikitra ara-panjakana.
- **Ireo Didim-panjakana** mitanisa ny lalana efa voasokajy eto Madagasikara :
    - Ny didim-panjakana n°9-776 manome ny listry ny lalam-pirenena (RN),
    - Ny didim-panjakana décret n°99-777 manome ny listry ny lalam-paritany (RP).

### b. Fanitarana na fanovàna ampahan-dalana

Mety misy fotoana voatery hanaovana fanitarana ny lalana na hanovàna ampahan-dalana, noho ny antony ara-teknika, na noho ny tombontsoa ho an'ny rehetra. Mety mahakasika tany misy tompony ara-dalàna anefa izany.

Mety misy koa lalana tsy maintsy mandalo amin'ny tany misy tompony satria tsy misy lalana afaka aleha afatsy io. Raha toa ka misy ireo tranga ireo, na ny iray amin'ireo, dia tsy maintsy manaraka ny lalàna manan-kery ny Tompon'andraikitra eo amin'ny Kaominina amin'ny famaritana ny lalana sy ny asa atao aminy : atao ny fampiraharahana amin'ilay tompon-tany ary honerana ara-drariny izy amin'izany.

Ireto ny lalàna tokony ho jerena amin'izany :

- Faritra voatokana ho an'ny lalana na "Emprise" (Didy hitsivolana n°60-166);
- Fepe-dalàna mikasika ny famaritana, fampiasana, fikajiana sy fiarovana ny tanim-panjakana tsy azo amidy na "Domaine public" (Lalàna 2008-013);
- Fombafomba fangatahana sy fandaharana ho mahitsy ny fanorenana manamorona ny lalana na "Alignement" (Didim-pitondrana n°310);
- Fahazoan-dalana hanorina trano sy hitsinjara tany na "Permis de construire" (Didy hitsivolana n°62-115);
- Fanajariana ny tanàna sy ny fonenana na "Code de l'urbanisme" (Didim-panjakana n°63-192);
- Fanesoram-pananana noho ny antony fanasoavam-bahoaka na "Expropriation" (Didy hitsivolana 62-023);
- ...

## 2.2. Fananan-tany eo anivon'ny Kaominina

Matetika eny amin'ny Kaominina ambanivohitra dia mbola tsy voafaritra mazava tsara ny lalana iandraiketan'ny Kaominina. Mila faritana izany rehefa mamolavola ny DIL ny Kaominina. Izay lalana

voafaritra ao anatin'io DIL io dia tokony tsy ho tapatapahin'olona intsony satria efa natokana ivezivezen'ny mponina.

Rehefa hamolavola ny DIL izany dia jerena eny ifotony ny momba ireo tany izay ataon'ny mponina lalana ka atao ao anatin'ny DIL : Moa ve mandalo tany misy tompony ? Moa ve mety hanimba ny tontolo iainana ? Moa ve mety hiteraka fihotsahan'ny tany na lavaka ny fisian'ilay lalana eo ?

Ireto no tsy maintsy jerena tsara rehefa hamaritra ireo lalana izay raiketina ao amin'ny DIL :

- Ny lalana izay efa voafaritra mazava amin'ny lalàna dia tsy azon'iza na iza tapahina intsony ka hanaovana zavatra hafa na faritana ho lasa fananan'olona : lalam-pirenena (RN), lalam-paritany (RP).
- Ny tany efa manana tompony ara-dalàna dia tsy tokony ho kitihina ka hanamboaran-dalana, afa-tsy hoe tsy azo ialana satria ho an'ny tombontsoan'ny rehetra, ary efa nanaovana fanadihadiana lalina. Misy sandany anefa ny fanaovana izany satria tsy maintsy honeran'ny Kaominina ny vidin'izany tany natao lalana izany, araka ny lalàna manan-kery.

### 2.3. Fanajariana ny Tany eo anivon'ny Kaominina

Ny Kaominina tsirairay dia tokony manana ny Drafitra Ifotony Fanajariana ny Tany (DIFT). Raha tiana hahomby dia tsara raha mifanaraka ny famolavolana ny DIFT sy ny DIL. Raha toa ka efa voavolavola mialoha ny DIFT dia jerena sao dia mety manimba ny DIFT ny famaritana ny lalana izay atao ao amin'ny DIL.

Misy torolalana ny famolavolana ny DIFT izay navoakan'ny tetik'asa PGM-E[2]. Tsara hananan'ireo Kaominina izay mbola tsy manana DIFT io toro-lalana io mba ahahafan'izy ireo miroso amin'izany.

### 2.4. Fivezivezen'ny mponina

Mamaly ny filàn'ny mponina amin'ny fivezivezena ny fototra iorenan'ny DIL. Matetika anefa ny lalana ampiasain'ny mponina dia tsy voafaritra mazava tsara. Betsaka ireo lala-masaka mampitohy ireo tanàna mifanakaiky ary maro karazany izy ireo.

Tokony faritan'ny mponina mazava tsara izay lalana tokana faleha mampitohy tanàna roa. Izany dia ahafahana manatsara sy/na manitatra azy ho tsara mba tsy hiovaova ka hamorona lalana vaovao hafa indray raha misy simba iny. Ny fisian'ny karazan-dalana maro dia mety hanimba ny tontolo manodidina ka hiteraka fiotsahan'ny tany sy lavaka, na hanimba tany misy tompony.

### 2.5. Ireo sokajin-dalana

Ao anatin'ity DIL ity, dia nasiana sokajy efatra ny lalana eny amin'ny Kaominina, arakaraka ny toerana hampifandraisiny :

1. RIC : *Route Inter Communale*, lalana mampifandray Kaominina roa,
2. RC : *Route Communale*, lalana mampifandray ny renivohitry ny Kaominina amin'ny renivohitry ny fokontany,
3. RIF : *Route Inter Fokontany*, lalana mampifandray fokontanyroa na maromaro,
4. RF : *Route de Fokontany*, lalana anatin'ny Fokontany.

Omena laharana famantarana tsirairay ireo lalana ao anatin'ny Kaominina, arakaraka ny sokajy misy azy avy. Ny laharana omena ny lalana dia manoro ny "Kaominina – Sokajy – Laharana".

[2]Programme Germano-Malagasy pour l'Environnement novatsian'ny GTZ ary niarahana tamin'ny Ministeran'ny Fampandrosonana sy ny Fanajariana ny Tany tamin'ny volana novambra 2013

Ohatra :

"ABS – RIF – 005" midika ho "Kaominina Amboasary -Lalana mampitohy Fokontany – Laharana faha 5"

"BER – RC – 001" midika ho "Kaominina Beronono -Lalana mampitohy ny renivohitry ny Kaominina amin'ny renivohitry ny Fokontany – Laharana voalohany"


## 3. Ny Rejistry ny lalana eo anivon'ny Kaominina

Dingana voalohany amin'ny fandrafetana ny DIL ny fametrahana ny Rejistry ny Lalana. Ny Rejistry ny Lalana dia ahitana ny listry ny lalana rehetra ao amin'ny Kaominina araka ny sokajy misy azy avy. Ny lalana voarakitra anatin'ny Rejistra no hanaovan'ny Kaominina paikady sy fandaminana momba ny fitandrovana, sy fanamboarana ary fikojana.

Tsy mijanona ho listra fotsiny ny Rejistra atao anatin'ny DIL fa miampy ny antsipiriany mikasika ilay lalana, ny fampiasàna azy ary ny vina momba azy. Ilaina ny mametraka ireo antsipiriany ireo ahafahana mandindra izay tokony atao momba ilay lalana. Hita ao amin'ny Tovana 1 ny endriky ny Rejistry ny Lalana eo anivon'ny Kaominina.

### 3.1. Ny dingana ankapobeny arahina ho fandrafetana ny Rejistra

Miatomboka amin'ny fihaonana sy fanazavana samihafa miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna ny fandrafetana ny Rejistra. Mila fandraisan'anjara avy amin'ny mponina eny anivon'ny Fokontany koa anefa ny fandrafetana ny Rejistra ka mitsinjo izany ireto dingana voalaza manaraka ireto.



Miainga avy eny ifotony ny famantarana ireo lalana efa misy sy ny famaritana ara-teknika izany. Entina eo anivon'ny Fokontany indray hosokajiana ka hamoahana ny lisitr'ireo karazan-dalana misy eo amin'ny Fokontany.

Rehefa vita io lisitra avy amin'ny Fokontany tsirairay avy io dia entina eny amin'ny Kaominina indray hoalalinin'ireo Mpitondra hijerena ny fanitsiana sy ny fanatsarana. Ny fanitsiana sy fanatsarana eo anivon'ny Kaominina dia tsy maintsy atao satria ny Mpitondra ao no mahita ny fandrindrana iarahan'ny Fokontany rehetra ary koa ny fandrindrana miaraka amin'ireo Kaominina mifanakaiky sy eo anivon'ny Distrika ary ny Faritra.

Rehefa vita ny fanitsiana sy ny fanatsarana ataon'ny Kaominina dia haverina eny amin'ny Fokontany indray ny lisitra mba ho fantatry ny mponina.

Raha toa ka manana fanamarihana ny mponina eo anivon'ny Fokontany amin'ilay lisitra nasiana fanitsiana navoakan'ny Kaominina dia hampahafantarina ny Mpitondra ao amin'ny Kaominina izany ahafahany manao fanitsiana na mitondra fanazavana noho ny antony ara-teknika.

Soritana etoana fa tsy vita mora ny fifampiresahana eo amin'ny mpitondra sy olompirenena rehefa mandrafitra ny Rejistra. Tsy ho araky ny mpitondra no hiresaka mivantana amin'ny tsirairay. Noho izany dia eo amin'ny sehatry ny rafitra fifanakalozan-kevitra no tsara handrafetana ny Rejistra.

Rehefa vita izany rehetra izany dia homen'ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Kaominina nomerao famantarana ny lalana tsirairay avy. Havoakan'ny Kaomininina ny Rejistry ny Lalan'ny Kaominina rehefa nahazo nomerao famantarana avy ny lalana.

### 3.2. Famantarana ny lalana misy eny ifotony

Fantarina amin'ny antsipiriany ireo karazan-dalana misy ao amin'ny Kaominina ahafahana mampiditra azy ao amin'ny Rejistra. Jerena amin'izany ny lalana efa voasokajy ara-panjakana ary atao kisaritany ireo lalana hafa tsy mbola voarakitra. Miainga avy eny ifotony ny fanaovana izany.

#### a. Fijerena ireo lalana efa voarakitra anaty taratasy

Ny lalana izay efa voasokajy mazava araka ny lalàna na koa efa voarakitra anatin'ireo bokin'ny Kaominina no resahana eto. Ireo lalana ireo dia :

- Lalam-pirenena (RN) mandalo ao amin'ny Kaominina, ka hita ao anatin'ny didim-panjakanan° 99-776.
- Lalam-paritany (RP) mandalo ao amin'ny Kaominina, ka hita ao anatin'nydidim-panjakana n° 99-777.
- Ireo lalana anatin'ny Kaominina ka misoratra anaty *Plan Communal de Développement* (PCD) na *Monographie* an'ny Kaominina.

#### b. Fijerena ifotony ireo lalana rehetra misy

Ankoatr'ireo lalana izay efa voasoratra anatin'ny PCD na *Monographie*, dia misy koa ireo lalana ampiasain'ny mponina nefa tsy voasoratra anatin'ny bokin'ny Kaominina.

Ny mponina no mamaritra ny lalana fivezivezeny eny amin'ny tanàna misy azy avy. Jerena daholo amin'izany ireo lalana ampiasainy eo amin'ny fiainany andavan'andro sy ny antom-pivelomany, na ampiasainy amin'ny fandraisany anjara amin'ireo adidy sy andraikitra amin'ny fiarahamonina sy ny firenena.

Ny dingana arahina amin'ny fijerena ifotony ireo lalana rehetra misy dia toy izao :

**1 - Manomana saritany na kisaritany** eo amin'ny faritra misy azy izy ireo.

Alohan'ny hamaritana an-tsary ireo lalana misy eny ifotony dia hazavaina amin'ny mponina ao amin'ny Fokontany avy ireto :

- Ny avaratra no atao ambony ary ny atsinanana no ankavanana amin'ny saritany.
- Mametraka ny tanàna (telo fara fahakeliny), ny renirano, sns.
- Ezahina atao lehibe ny saritany mba ahafahana mamaritra ireo lalana.

**2 – Mametraka ny lalana fivezivezena ao anatin'ilay kisaritany**. Rehefa voaomana ny saritany na ny kisaritany dia mivory amin'izay ny mponina ka faritana eo amin'ny saritany ny lalana faleha sy ny karazana fifamoivoizana mandeha eo aminy : olona, bisikileta, sarety, baramba, omby, sns. Faritana ao ny lalana falehan'izy ireo isan'andro, isan-kerinandro, isam-bolana, isan-taona.

Hataony sary ao koa ny fomba fandehanany eo amin'ny lalana : an-tongotra, an-tsarety, bisikileta, fiara, sns. Apetraka ihany raha ilaina ny lalan'omby.

Tsara faritana eo amin'ny saritany koa ny tontolo izay handalovan'ny lalana: tanimboly, ala, rano na renirano, lavaka, tany fady, sns.

Mandray anjara daholo ny solontenan'ireo vondron'olona ao amin'ny Fokontany (vehivavy, lehilahy, tanora, mpamboly, mpivarotra, marefo, mpanangom-bokatra, sns.) amin'ny famenoana ny saritany. Tsara raha mifandimby isan-tsokajiny ny mponina mameno ilay kisaritany, ahafahana mahazo ny tolo-kevitry ny rehetra. Izany hoe mifandimby mameno ny vehivavy, ny tanora sns.

**3 – Manome soson-kevitra**. Amin'ireo lalana voapetraka anatin'ny kisaritany dia manome soson-kevitra ny mponina ny amin'izay mety ho fivoaran'ilay lalana amin'ny vina fohy na lavitr'ezaka.

### 3.3. Fandravonana ny listry ny lalana eo anivon'ny Fokontany

Aravona ho listra iray ireo karazan-dalana izay voafaritra tao amin'ny saritany na kisaritany vita eo anivon'ny Fokontany. Izay voasoratra nandritry ny famantarana ny lalana teny ifotony na voalazan'ny mponina no hapetraka ao anatin'izany listry ny lalana izany.

Ny tompon'andraikitry ny Fokontany sy ny solontenan'ny olompirenena no manao ity asa fandravonana ity. Tokony hisy mpanentana sy teknisiana manampy azy amin'izany.

Misy sivana tsy maintsy ataon'ireo rehefa manao ny fandravonana satria tsy afaka ho raisina anatin'ny Rejistra avokoa anefa ny lalana hivezivezen'ny olona eny ifotony. Ny antony dia mety misy ny lala-masaka izay manao hitsin-dalana, mety misy koa ny lalan mitovy na mifanindry amin'ny lalana hafa, ary ao koa ireo izay tsy azo heverina ho lalam-bahoaka.

Ho an'ireo lalana izay azo ampidirina anatin'ny Rejistra dia omena amin'ny antsipiriany ny momba azy ireo. Ireto avy no tokony ho hita ao :

**1 - Ny momba ny lalana** :

1) Lalana (*Axe*) ka marihina ny anaran'ny tanàna roa ifampitohizany.
2) Halavan'ny lalana (*Longueur*)
3) Karazany (*type*) : lalan-tongotra, lalan-tsarety, afaka andehananan'ny fiara,
4) Faharetan'ny dia rehefa mandeha eo aminy (*Durée du trajet*) dia arakaraka ny fitaovam-pitanterana ampiasaina : dian-tongotra, bisikileta, moto, sarety, fiara.
5) Sokajiny na ny hampiasan'ny mponina azy (*Classement/Intérêt*) : mampitohy fokontany, famoaham-bokatra, tsena, sekoly, hopitaly, sns,

6) Ny fokontany iaingan'ilay lalana,
7) Ny fokontany ahatongavan'ilay lalana,
8) Ireo fokontany lalovan'ilay lalana,

**2 - Ny toe-dalana amin'izao fotoana** (état actuel)

1) Ny sakan'ilay lalana amin'ny ankapobeny, ny isan'ny fotodraditr'asa (*ouvrages*), ny hatsaran'ny lalana na ireo kazarana fahasimbana manelingelina ny fifamoivoizana,
2) Ny mpampiasa azy na ireo fitaovam-pitanterana mandeha eo aminy : olona, bisikileta, sarety, fiara, kamio, sns..
3) Isan'ny mpandeha eo aminy isan'andro (*trafic*) isaky ny sokajiny avy
4) Fanamboarana mila atao.

**3 - Ny ampiasana ny lalana amin'ny ho avy**

1) Hatao ho karazan-dalana toy inona ary hanaovana inona.
2) Fitaovam-pitanterana ho atao afaka mandeha eo aminy.
3) Isan'ny mpandeha heverina handeha eo aminy isan'andro (trafic).
4) Ny fanamboarana ilaina mba ho tonga amin'izany.

**Vina amin'ny fanamboarana.** Tokony atao ity vina ity mba ahafahana mampiasa ny lalana araka ny tokony ho fivoaran'ny lalana: tsy mampidi-doza ny mandeha eo aminy, tsy manelingelina ny fanajariana ny tany, manatsara ny hafaingam-pandeha, manatsara ny fiainan'ny mponina ary mitondra any amin'ny fampandrosoana ny Kaominina.

Ny fijerena ny toe-dalana sy ny vina amin'ny fanamboarana dia mila olona mahay teknika afaka hanoro ny mponina eo amin'ny Fokontany.

### 3.4. Famoahana ny Rejistry ny Lalana eo anivon'ny Kaominina

Hatambatra eo anivon'ny Kaominina ireo listra nivoaka avy eny amin'ny Fokontany rehetra ka aravon'ny Mpitantana izany mba ho lasa rejistra iray ho an'ny Kaominina.

Ny Ben'ny Tanana sy ny mpiara-miasa aminy, miaraka amin'ny filan-kevitra no manao ny Rejistra. Tsara raha hotronina teknisiana izy amin'izany.

Misy dingana maromaro atao alohan'ny hamoahan'ny Kaominina ny Rejistry ny lalana ao aminy.

1 - **Mandrindra, manitsy, manatsara ary manambatra ireo listra** avy eny amin'ny Fokontany no andraikitry ny Mpitantana eo anivon'ny Kaominina.Izy ireo no mahita ny fandrindrana iarahan'ny Fokontany rehetra ary koa ny fandrindrana miaraka amin'ireo Kaominina mifanakaiky sy eo anivon'ny Distrika ary ny Faritra.

2 - **Manasokajy sy mandahatra ireo lalana.** Rehefa vita ny fanitsiana sy ny fanatsarana ataon'ny Kaominina dia mamaritra ny sokajin'ny lalana rehetra araka ny voalazan'ny lalàna izy (RN, RP, RC, sns.) sy mamantatra ny Tompon'andraikitry ny lalana (*Maître d'ouvrage*). Raha toa ka misy tsy mazava tsara ny fanasokajiana ireo lalana dia tsara manontany ny Distrika na ny Faritra na ny Ministeran'ny Asa Vaventy ny Mpitantana ao amin'ny Kaominina.

Ho an'ireo izay voasoratra ho RC, izany hoe lalana hiandraiketan'ny Kaominina, dia mbola sokajiana tsirairay indray araka ireo sokajy hita ao amin'ny andininy 2.5 amin'ity boky ity. Izany hoe manaraka ireo sokajin-dalana efatra : RIC (*Route InterCommunale*), RC (*Route*

*Communale*), RIF (*Route Inter Fokontany*), ary RF (*Route de Fokontany*). Omena ny laharana tsirairay ny lalana rehetra ao anatin'ny listra, ary marihin'ny tompon'andraikitra ihany koa ny laharam-pahamehanan'ny Kaominina.

3 - **Mametraka ny laharam-pahamehana isaky ny sokajin-dalana** ny Mpitondra, ary marihiny ao anatin'ny listra izany.Tsara raha efa mitsinjo sahady ny hetahetan'ny mponina ny Mpitondra rehefa mametraka ireo laharam-pahamehana.

Lahara-pahamehana voalohany amin'ny mponina (araka ny dinidinika niaraha-nanao taminy nandritra ny fanoratana ity boly ity), dia ireo lalana mampitohy ny renivohitry ny Kaominina sy ny renivohim-pokontany.Hita fa ilain'ny olompirenena ny fahafahan'ny fiara mivezivezy mandavan-taona eo amin'ireny lalana ireny noho ny antony ara-ekonomika,ara-tsosialy na ara-tontolo iainana.

Lahara-pahamehana manaraka kosa ny fanitarana ireo karazan-dalana eny ifotony hahamora ny fivezivezen'ny mponina sy ny vokatra eny an-toerana. Ao anatin'izany ny lalana ifandraisan'ny Fokontany, na ny vohitra tsirairay avy, na ny toeram-pamokarana.

4 - **Mamoaka ny Rejistra vonjy maika.** Ny listry ny lalana feno, voasokajy, misy laharana sy laharam-pahamehana no mandrafitra ny Rejistry ny Lalana vonjimaika eo anivon'ny Kaominina. Atao hoe Rejsitra vonjimaika satria ilaina hifampidinihan'ny Mpitondra amin'ny mponina izy io alohan'ny amoahana ny tena Rejistra farany.

5 - **Mifanakalo hevitra momba ny Rejistra vonjy maika.** Entina miverina eny amin'ny Fokontany indray io Rejistra vonjimaika io mba ho fantatry ny mponina. Raha toa ka manana fanamarihana ny mponina eo anivon'ny Fokontany isany avy amin'ilay Rejistra vonjimaika navoakan'ny Kaominina dia hampahafantarina ny Mpitondra ao amin'ny Kaominina izany ahafahany manao fanitsiana na mitondra fanazavana noho ny antony ara-teknika.

Azo atao tsara ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Mpitondra sy ny olompirenena ao anatin'ny fanarahana ilay lalana velona mitondra ny laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 amin'ny fametrahana ny rafitra fikaonan-doha eo amin'ny vondrom-bahoaka itsijaram-pahefana isany avy. Noho izany afaka mitarika izany ny mpitondra mba hisian'ny fifanakalozan-kevitra entina mandrafitra ny Rejistra sy mametraka ny DIL.

6 - **Mamoaka ny Rejistra ofisialy.** Rehefa nahazo ny fanamarihana avy amin'ny mponina isam-pokontany ny Rejistra dia azo avoaka ho Rejistry ny Lalana eo anivon'ny Kaominina.

Tsy tokony hovaina intsony ny lalana voarakitra anatin'io Rejistra io. Raha sendra misy antony hanovàna azy dia ilaina ny mitondra izany fanovàna izany eo amin'ny rafitra fifanakalozan-kevitra ao amin'ny Kaominina.

Miainga avy amin'io Rejistra io ny fandaminana rehetra amin'ny fitantanana, sy fikojana ary fanamboarana ny lalana ao amin'ny Kaominina.

7 - **Manavao ny Rejistra.** Natao hivoatra araka ny fandrosoana ao amin'ny Kaominina iray ny Rejistra, noho izany dia tokony havaozina isaky ny 5 taona izy.

## 4. Ny Drafi-pandaminana ny asa fikojana sy fanamboarana ny lalana

Ilaina ny mamantatra ny asa rehetra tokony atao amin'ny fikojana ary fanamboarana ireo lalana. Rehefa vita izany dia apetraka ny laharam-pahamehana araka ny vina napetraky ny Mpitondra izay tokony mamaly ny hetahetan'ny mponina.

Izany no atao dia ahafahana mametraka ny lamina hanatanterahana ny asa tokony atao, sy ny enti-manana mifanandrify amin'izany.

Ny DIL dia mametraka ny drafi-pandaminana ny fikojana sy ny fanamboaran-dalana ataon'ny Kaominina miaraka amin'ny Fokontany, ka 5 taona ny fepotoana tsara hametrahana izany. Ny Mpitantana ao amin'ny Kaominina no mitarika ny fanaovana izany ka ao amin'ny Rafitra fifanakalozan-kevitra no hanaovana azy.

Hita ao amin'ny Tovana 2 ny endriky ny drafi-pandaminana ny fikojana sy fanamboarana.

### 4.1. Fijerena ny asa fikojana sy fanamboarana tokony atao

Atao ny fitsirihana ara-teknika ny lalana voarakitra ao anatin'ny Rejistra, ahafantarana ny asa tokony atao rehetra.

Ampiasaina amin'izany ny *schéma d'itinéraire et d'aménagement*[3] izay tabilao milaza ara-teknika ny lalana iray sy ny fanamboarana tokony atao aminy araka ny vinan'ny Kaominina.

Isaky ny ampahan-dalana 100 m no hanaovana izany filazana ara-teknika izany, ary marihina amin'izany :

- Ny toe-dalana misy : ny haben'ny lalana, ny foto-drafitrasa misy, ny *fossé*, ny toetry ny *chaussée*...
- Ny fahasimbana hita ka manakana ny fampiasana ilay lalana,
- Ny asa vinaina atao dia azo faritana ho :

| | |
|---|---|
| ***Travaux de cantonnage*** | Asa fikojana andavan'andro izay atao isan-taona. |
| ***Travaux d'entretien courant*** | Karazana asa lalana madinika tsy dia mila enti-manana mavesatra. |
| ***Travaux d'urgence*** | Vonjy rano vaky.<br>Asa tsy maintsy atao maika satria mety hiteraka loza ny tsy fanamboarana ny simba. Arakaraka ny simba no mety ilàna na tsia fahaiza-manao manokana, na fitaovana vaventy. |
| ***Travaux d'entretien périodique*** | Asa fikojana isam-potoana voafaritra.Isaky ny 3 taona eo na mihoatra izay no fanatanterahana azy.<br>Karazana asa lalana efa manomboka mavesatra ary mety hilàna fitaovana sy fahaiza-manao manokana. |
| ***Travaux de réhabilitation*** | Asa fanarenana.<br>Karazana asa lalana efa mavesatra satria tsy vita ara-dalàna ny fikojana azy nandritry ny taona maro ka mila fanarenanatanteraka. |

[3]Niniana notazomina amin'ny teny frantsay ny voambolana teknika toy ny « Schéma d'itinéraire et d'aménagement » sy ny teny sasany. Izany dia mba ahafahan'ny mpiandraikitra ny DIL mifankahazo amin'ireo teknisiana sy injeniera mety hijery sy hampiasa ny DIL. Mbola hisy boky ho vokarin'ny ONG Lalana momba ireo voambolana ireo sy ny asa lalana.

| | |
|---|---|
| ***Travaux de construction*** | Asa fanamboarana vaovao.<br>Mety mila fahaizana ara teknika matotra na fitaovana lehibe ny fanatanterahana azy. |

Avoaka avy amin'io *schéma d'itinéraire et d'aménagement* io ny habetsaky ny asa atao sy ny ilaina rehetra amin'ny hanatanterahana azy (herintsandry, akora, fitaovana). Sintonina avy ao koa ny fotoana tokony hanatanterahana ny asa.

Ny teknisianina no tokony manao ny *schéma d'itinéraire et d'aménagement.* Afaka manao ny ampahany ihany nefa ny mponina eo an-toerana rehefa atoro azy ny tokony hatao ary hita fa manana fahalalana hanao izany izy. Tsara raha misy fiofanana omena amin'izany dia mba hisian'ny teknisianina maharitra ao amin'ny Kaominina.

### 4.2. Fandaminana ny asa atao sy fametrahana ny laharam-pahamehana isaky ny lalana

Ilaina ny fametrahana ny laminasa mirindra eo amin'ny asa lalana izay tokony atao satria ahafahana manatsara ara-teknika miandalana izany, no sady ahafahana manatsara avy hatrany koa ny fivezivezen'ireo mponina.

Tsy voatery hiandry ho vita tanteraka ny lalana iray vao hanamboatra ny lalana iray hafa. Azo hatomboka avy hatrany ny asa fanamboarana na fikojana eo amin'ireo faritra tena voa mafy eny amin'ireo lalana mba hanamora ny fivezivezen'ny mponina. Azo ato avy hatrany ny asa lalana arakarak'izay fahafaha-manao eo am-pelantanana, eny fa na dia ny asam-pokonolona fotsiny aza aloha no enti-manana misy amin'ny taona iray.

Sokajiana ny asa rehetra arakaraka ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fanatanterahana azy :

- Ny asa vitan'ny herin-tsandry sy fitaovana tsotra,
- Ny asa ilàna fahaiza-manao hita eo an-toerana,
- Ny asa ilàna fitaovana vaventy na fahaiza-manao manokana.

Rehefa vita ny fisokajiana ny asa dia mora kokoa ny mitsinjara sy mandrindra azy. Isaky ny ampahan'asa nivoaka avy tao amin'ny *schéma d'itinéraire et d'aménagement* dia apetraka :

- Ny laharam-pahamehana
- Ny fotoana tokony hanatanterahana ny asa
- Izay tokony hanatanteraka ny asa (Fokontany, Kaominina).

## 5. Ny fitandrovana ny lalana

Tsy vitan'ny asa fikojana sy fanamboarana ny andraikitra fitantanana ny lalana fa tsy maintsy tandrovina ihany koa izy ireny amin'izay mety hitarika ny fahasimbany. Voakasika manokana amin'ity fitandrovana ity ireo lalana azon'ny fiara aleha, ary misy foto-drafitrasa lehibe.

Ireto avy ny tokony atao ho fitandrovana ny lalana :

- **Famerana ny fandehanana eo aminy rehefa avy ny orana**, na aorian'ny orana ka mbola malemy ny tany. Misy sokajin-dalana mety ilàna ny mametraka hidin-dalana amin'ny orana (*barrière de pluies*). Marihana anefa fa tsy maintsy manaraka ny lalàna mana-kery ny fametrahana ireny hidin-dalana ireny.
- **Famerana ny vesatra mandalo amin'ny lalana**. Misy fetrany ny lanja zakan'ireny foto-drafitrasa ireny (tetezana, *dalot, buses*…). Mba hisorohana ny loza dia tokony mametraka ny fepetra momba izany ny Kaominina.

- **Fifehezana ny doro tanety.** Mitarika ny fahasimban'ny lalana haingana ny fikorian'ny rano rehefa tsy voafehy. Anisan'ny mahatonga izany ny faharinganana vokatry ny doro-tanety. Tsy ho an'ny tontolo iainana ihany izany no tokony hifehezana ny doro-tanety fa ho fiarovana ny lalana ihany koa.

## 6. Ny enti-manana ara-bola

Ny fanatanterahana ny asa no tena olana lehibe satria ny ho enti-manana ara-bola no tsy ampy eo amin'ny Kaominina eny ambanivohitra matetika.

### a. Ny mety ho loharanom-bola

Ireto ny mety ho loharanom-bola afaka hiatrehana ny asa lalana ao amin'ny Kaominina :

- Ny asam-pokonolona.
- Ny teti-bolan'ny Kaominina na izay fampidiram-bola manokana azon'ny Kaominina atao ho an'ny asa lalana. Ny lalàna momba ny fitsinjaram-pahefana dia mametraka ireo karazana fampidiram-bola azon'ny Kaominina atao (hetra, tamberim-bidy, sns.). Anjaran'ny Mpitondra no mandinika izay azo atokana ho an'ny asa lalana.
- Ny tahiry manokana ho an'ny fikojakojana ny lalana *Fonds d'Entretien Routier* na FER. Misy fepetra ny fahazoana famatsiana avy amin'ny FER ary ny asa fikojakojana ihany no iantohany FER fa tsy mamatsy asa fanamboarana.
- Ny tohana avy amin'ny Faritra na Faritany na Fanjakana foibe, na koa avy amin'ireo tahiry afaka mamatsy fanamboarana foto-drafitrasatoy ny Fonds de Développement local ohatra.
- Ny fanomezana avy amin'ireo malala-tanana (zanaka am-pielezana ohatra).
- Ny fandraisan'anjara avy amin'ireo mpampiasa lalana (mpitatitra, orin'asa sns...) izay mety ho ara-bola, na mety ho fandraisan'anjara mivantana amin'ny asa lalana.
- Ny fanampiana avy any ivelany, izay mety ho famatsiana ara-bola, na fanamboarana mivantana amin'ny alalàna tetik'asa.

### b. Fitsinjarana ny eo am-pelantanana

Mila fahaizana mitantana ny fandaminana ny asa sy ny fampiasana ny vola eo am-pelatanana na izay famatsiana mety ho azo. Raha tiana ho betsaka ny lalana voavoatra dia tsinjaraina ny ampiasàna ireo famatsiam-bola azo mba tsy hifanindry amin'izay asa mety ho vitan'ny Kaominina na ny asam-pokonolona.

Isan-taona no tsara hanaovana ny fitsinjarana ary atao mifanaraka na koa mifameno amin'ny tetibola ny Kaominina izany. Izay asa lalana tsy tafiditra ao amin'ny fitsinjarana isan-taona dia miandry ny taona manaraka indray, na azo haroso ho tanterahana mandritry ny taona diavin'ny teti-bola raha toa ka mahazo fanampiana ara-bola, fanamboarana na fikojana ho entin'ireo tetikasa izay tonga, na azo atao asam-pokonolona.

## 7. Ny rafitra manatanteraka ny DIL

Betsaka ny paika azo hanatanterahana izay voarakitra ao anaty ny DIL an'ny Kaominina iray. Tokony samy hanana ny paika ho amin'izany avy ireo Mpitondra voafidy araka ny fampanantenana izay natolotr'izy ireo raha nilatsaka ho fidina.

Anisan'ny manan-danja amin'izany paika izany ny fametrahana ny rafitra manatanteraka ny DIL. Ny tanjona dia ny hitohizan'ny asa lalana, eny fa na dia rehefa misy aza ny fiovan'ny Mpitondra.

Toromarika ihany anefa no aroso eto hahatrarana ny tanjona sy handraisan'ny olompirenena rehetra anjara amin'ny fikojana sy ny fanamboarana ny lalana ao amin'ny Kaominina misy azy.

Marihina fa tatao afaka manome torohevitra ny Kaominina amin'ny resaka rehetra momba ny lalana ny Sampan-draharahan'ny Asa Vaventy.

### a. Fametrahana sampan-draharaha teknika eo anivon'ny Kaominina

Zava-dehibe ny fanànan'ny Kaominina sampan-draharaha ao aminy satria ahafahana manara-maso sy mandrindra ny fanamboarana sy fikojana ny lalana, ary indrindra ny tokony hisian'ny fanohizana ny paika rehetra na dia misy fiovàna aza eo amin'ny Mpitondra.

Ny andraikitr'io sampan-draharaha io dia :

- Miandraikitra ankapobeny ny fanatanterahana ny DIL,
- Manao ny fitiliana ara-teknika ary mamaritra asa tokony atao ao anatin'ny DIL,
- Mikajy ny habetsaky ny asa sy ny ilaina rehetra (olona, fitaovana, akora, vola), ary mandamina ny fanatanterahana an'izany,
- Mampanao sy/na manara-maso ny asa atao isa-taona,
- Manao ny tatitra tamin'ny fanatanterahana ny asa, ary mandrakitra izay mety ho fiovana tokony atao amin'ny DIL.

Raha ampy ny enti-manana ao amin'ny Kaominina dia ireto ny olona tsara mandrafitra ilay sampan-draharaha :

- Mpitantana ara-teknika, miandraikitra ny DIL sy ny lamina rehetra ary ny ara-bola,
- Chef cantonnier iray, izay mikajy sy mandrindra ny asa,
- Cantonniers izay manatanteraka ny asa lalana atao andavan'andro. Arakaraka ny halavan'ny lalana ao anatin'ny Rejistra no hamerana ny isany.

Raha tsy afaka mametraka io sampan-draharahaio ny Kaominina dia tsara raha misy olona iray ao amin'ny Kaominina no tendrena ho tompon'andraikitra manaraka ny asa ara-teknika ao amin'ny Kaominina. Io Mpitantana ara-teknika io no mijery akaiky ny fanatanterahina izay voalaza ato anatin'ny DIL. Antsoina isaky ny misy ilàna azy kosa ny Chef cantonnier sy ireo cantonniers.

### b. Fandaminana eo anivon'ny Kaominina sy isam-pokontany

Tokony hipaka hatreny amin'ny Fokontany ny fandaminana mikasika ny lalana. Misy sokajin-dalana, na karazana asa izay mety hapetraka amin'ny Fokontany ny fiandraiketana azy. Mila atao mazava tsara ao anatin'ilay drafi-pandaminana nefa izany (jereo Tovana 2).

Noho izany dia atao koa izay hametrahana *cantonniers* (eo amin'ny 3 fara fahakeliny) eny anivon'ny Fokontany izay afaka handrindra sy hanaraka ireo asam-pokonolona izay mety ho atao.

## 8. Antontan-taratasy mandrafitra ny DIL

Voapetraka ny DIL ao amin'ny Kaominina iray rehefa namaritra mazava tsara ny rafitra fitantanana ny lalana sy paikady ara-bola, ary nahafeno ireto antonta-taratasy ireto :

- Ny Rejistry ny lalana misy ao amin'ny Kaominina sy ny mombamomba azy (jereo ny **Tovana 1**).
- Ny drafi-pandaminana ny fikojana sy ny fanamboaran-dalana mandritry ny 5 taona izay azo avy amin'ny fanaovana ireo *schémas d'initéraire* an'ireo lalana tsirairay avy izay voasoratra ao amin'ny rejistry ny lalana (jereo ny**Tovana 2**).

- Ny *schémas d'itinéraire* (jereo ny **Tovana 3**), miampy ny fikojana na fanamboarana atao (*schémas d'aménagement*) arakaraka ny tanjona tratrarina.
- Saritany mamaritra ireo lalana rehetra ao amin'ny Kaominina.

## 9. Fehiny sy toromarika

**Asa mitohy manaraka ny fivoaran'ny Kaominina ny fanaovana ny DIL.** Asa lehibe ny fametrahana DIL satria manomboka amin'ny fitsirihana eny ifotony, mandalo amin'ny fanadihadihana isan-karazany, manao ny firaiketana an-tsoratra ary miafara amin'ny fanatanterahana ny asa.

Tsy mijanona eo anefa izany fa mbola mitohy satria mivoatra manaraka ny fandrosoana misy eo amin'ny Kaominina iray ihany koa ny lalana. Raha lalan-kely nandehanana an-tongotra taloha, dia mety ho lasa lalana lehibe azon'ny fiara lehibe handehanana afaka 5 taona. Noho izany dia miverimberina ny fijerena ny drafi-pandaminana ny fikojana sy ny fanamboaran-dalana ataon'ny Kaominina miaraka amin'ny Fokontany.

**Ilàna dinika anatin'ny rafitra fifanakalozan-kevitra ny fandrafetana ny DIL.** Ny fahafahan'ny Kaominina ambanivohitra manao izany dia mitaky fahaizan'ny Mpitondra, fandraisana andraikitry ny olompirenena eo an-toerana, fiaraha-miasa amin'ireo manan-katao, sns. Tsy tanteraka anefa izany raha tsy misy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Mpitondra sy ny olompirenena. Noho izany dia zava-dehibe ho an'ny Kaominina ny fametrahan'ny Mpitondra rafitra fifanakalozan-kevitra iarahana amin'ny Mpitantana ara-teknika, ny olompirenena sy ny vondrona hafa misy eo an-toerana.

**Tokony havoaka ny didim-panjakana mametraka ny Routes Communales.** Lesoka amin'izao fotoana izao ny tsy mbola hivoahan'ny didim-panjakana mametraka sy mamaritra ny *Routes Communales*. Ny antony dia mety hisy hanova indray ny lalana izay efa voafaritry ny mponina raha tsy mipetraka izany didim-panjakana izany, eny fa na dia efa manana ny Rejistra aza ny Kaominina.

Raha misy tsindry toy ny famaritana tany goavana ataon'ny Mpitantana na Mpandraharaha avy aty ambony ohatra dia mety hisy hanitsy na hanapaka ny lalana efa voafaritry anatin'ny Rejistra. Ny fivoahan'ny didim-panjakana manome ny listra ofisialy ny Routes Communales no ahafahana misoroka izany.

## Tovana 1. Rejistry ny lalan'ny Kaominina

Région : ____________________ Année : ____________________

District : ____________________

Commune rurale : ____________________

### Rejistryny Lalan'ny Kaominina

*Registre des Routes, des Pistes et des Sentiers Communaux*

**Rezisitry ny Lalan'ny Kaominina Ambanivohitra Beronono**
**Registre des Routes, des Pistes et des Sentiers de la Commune Rurale de Beronono**


| 1. SITUATION SOCIO ECONOMIQUE DE LA ROUTE | | | | | | | | | | | | | 2. SITUATION TECHNIQUE ACTUELLE | | | | 3. AMELIORATION FUTURE | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| N° | Code | Maître d'Ouvrage | Axes | Long km | Type | Durée trajet | Intérêt | Classement | Fkt origine | Fkt destination | Fkt traversés | Priorité Commune | Etat actuel | Usagers actuels | Trafic actuel | Travaux de réparation à faire | Evolution probable | usagers futurs | trafic estimé | Travaux d'extension à réaliser |
| Route InterCommunale (RIC) : Liaison avec Commune voisine | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| 1 | BER-RIC-001 | | Ambohitsitaitaika-Ankadivonimena-Ambohidava | 6 | piste charretière | | vers chef lieu FKT | RIC | Ambohitsitaitaika | Maromandihy (District Ankazobe) | | | nid de poule et breche | charrettes | 9/j | point à temps et extension | | vehicules et charrettes | vehic:2/j;charr et:20/j | |
| 2 | BER-RIC-002 | | Ankofika-Amboramanakiho | 28 | piste carrossable | 2heures | Zone de production | RIC | Amparihimaromaso | Ambohijavona (Kaominina Antanetibe Anativolo) | | | Rivière,montée,br eche,bloc de pierre | charrettes | 20/j | construction 2ponts,3buses,extension | | vehicules et charrettes | vehic:3/j;charr et:30/j | |
| 3 | BER-RIC-003 | | Andriankely-Ambatonosy | 12 | piste charretière | 6h | Piste interFKT | RIC | Antanetibe | Ambatomanoina (Kaom Ambatomanoina) | | | Rivière,breche,nid de poule | charrettes | 4/j | point à temps,construction buse,radier | | vehicules et charrettes | vehic:20/j;char ret:100/j | |
| 4 | BER-RIC-004 | | Miadanantsaha-Tsimahabetany | 0,8 | piste charretière | 15mn | interet FKT | RIC | Miadanantsaha | Maromandihy (District Ankazobe) | | .. | nid de poule | charrettes | 10/j | point à temps, extension | | vehicules et charrettes | vehic:3/j;charr et:30/j | |
| Route Communale (RC) : Liaison Chef lieu Commune avec Chef Lieu Fokontany | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| 5 | BER-RC-001 | Kaominina | Beronono - Ambohitsitaitaika | 3 | piste carrossable | | vers Chef lieu Commune | RC | Beronono | Ambohitsitaitaika | | | Rivière Sahanamika | | | | | | | |
| 6 | BER-RC-002 | Kaominina | Beronono - Miadanantsaha | 6 | piste carrossable | 1h30 | vers Chef lieu Commune | RC | Beronono | Miadanantsaha | Ambohitsitaitaika | | Rivière,rizière,prop riété privée. | charrettes | 80/j | point à temps, extension,construction radier et pont | | vehicules et charrettes | vehic:3/j;charr et:100/j | |
| 7 | BER-RC-003 | Kaominina | Beronono - Mahalavolona | 1 | piste carrossable | | vers Chef lieu Commune | RC | Beronono | Miadanantsaha | Ambohitsitaitaika | | Rizière | charrettes | 20/j | point à temps,extension,constructi on radier,mise en place buse,engazonnement et construction digue. | | vehicules et charrettes | vehic:2/j;charr et:70/j | |

## Tovana 2. Drafi-pandaminana mandritry ny 5 taona


| Commune : Betatao / Axe : Betatao - Mahatsinjo | | Route / Fokontany | | | | | Année 1 | Année 2 | Année 3 | Année 4 | Année 5 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Unité | Type TVX | Prix | Rend' | Quantité | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |
| [illegible] | [illegible] | [illegible] | | | | | | | | | |


Aménagement techniques et environnementaux


## Tovana 3. Schéma d'itinéraire et d'aménagement



| Commune : Betatao<br>Axe : Betatao - Mahatsinjo | | 0+000 … 1+000 | Route Fokontany | Page | 1 |
|---|---|---|---|---|---|
| **Aménagement techniques et environnementaux** | | | **Unité** | **Prix** | **Quantité** |
| **SERIE 2 / TRAVAUX PREPARATOIRES** | | | | | |
| DEBROUSSAILLAGE | (L.l) | | m2 | 02-01 | 1600,00 |
| ELAGAGE | (L.l) | | m2 | 02-02 | 0,00 |
| ABATTAGE D'ARBRES | (U) | | U | 02-03 | 0,00 |
| DEMOLITION DE MACONNERIE | (m3) | | m3 | 02-04 | 0,00 |
| DEMOLITION DE BETON | (m3) | | m3 | 02-05 | 0,00 |
| MICRO PIEUX EN BOIS Diam 8 cm | (L) | | m | 02-06 | 0,00 |
| **SERIE 3 / TERRASSEMENTS** | | | | | |
| PURGES | (LlH) | | m3 | 03-01 | 0,00 |
| MISE AU PROFIL PAR DEBLAIS REMBLAI | (LlH) | | m3 | 03-02 | 0,00 |
| DEBLAIS ORDINAIRE | (LlH) | | m3 | 03-03 | 0,00 |
| DEBLAIS ROCAILLEUX | (LlH) | | | 03-04 | 67,80 |
| REMBLAIS D'APPORT (à moins de 100 m) rehaussement, rechargement | (LlH) | | m3 | 03-05 | 0,00 |
| DELIMITATION DE PLATE-FORME PAR BLOCS | (L) | | m | 03-06 | 0,00 |
| **SERIE 4 / ASSAINISSEMENT et OUVRAGES** | | | | | |
| FOSSE DE CRETE | (L) | | m | 04-01 | 0,00 |
| CURAGE DE BUSE OU DALOT | (L) | | m | 04-02 | 6,00 |
| FOSSE EN TERRE 40 x 40 | (L) | | m | 04-03 | 0,00 |
| OUVERTURE D'EXUTOIRES TERRASSES | (m3) | | m3 | 04-04 | 22,40 |
| FOSSE MACONNE 40 x 40 | (L) | | m | 04-05 | 360,00 |
| FOUILLE POUR OUVRAGES | (m3) | | m3 | 04-06 | 0,00 |
| MACONNERIE DE MOELLONS (Murs, murettes...) | (m3) | | m3 | 04-07 | 0,00 |
| COFFRAGE POUR BETON | (m2) | | m2 | 04-08 | 0,00 |
| ACIER HA POUR ARMATURES | (kg) | | kg | 04-09 | 0,00 |
| BETON B1 DE PROPRETE 250 kg | (m3) | | m3 | 04-10 | 0,00 |
| BETON B2 POUR OUVRAGES 350 kg | (m3) | | m3 | 04-11 | 0,00 |
| ENDUIT 1 FACE | (m2) | | m2 | 04-12 | 0,00 |
| CUNETTE TRANSVERSALE BETONNEE | (m2) | | m2 | 04-13 | 26,20 |
| REMBLAI POUR OUVRAGES | (m3) | | m3 | 04-14 | 0,00 |
| **SERIE 5 / CHAUSSEE** | | | | | |
| REPROFILAGE LEGER | (L) | | m | 05-01 | 863,00 |
| REPROFILAGE LOURD | (L) | | m | 05-02 | 0,00 |
| HERISSON 15x15x20 (arrangement pour blocage, radier, voie beton..) | (LlH) | | m3 | 05-03 | 0,00 |
| COUCHE DE ROULEMENT – MAT. SELECTIONNES | (LlH) | | m3 | 05-04 | 562,80 |
| COUCHE DE ROULEMENT – EMPIERREMENT (ARRANGEMENT) | (Ll) | | m2 | 05-05 | 0,00 |
| COUCHE DE ROULEMENT – CHAUSSEE BETONNEE | (L) | | ml | 05-06 | 0,00 |
| BANDE ROULEMENT EN BETON (80 cm large) | (L) | | m | 05-07 | 0,00 |
| BANDE ROULEMENT EMPIERREE ET BETONNEE | (L) | | m | 05-08 | 0,00 |
| PAVAGE | (Ll) | | m2 | 05-09 | 0,00 |
| **SERIE 6 / PROTECTIONS - SIGNALISATION** | | | | | |
| ENGAZONNEMENT | (m2) | | m2 | 06-01 | 316,20 |
| ENROCHEMENT | (m3) | | m3 | 06-02 | 0,00 |
| GABIONS | (m3) | | m3 | 06-03 | 0,00 |
| GEOTEXTILE | (Lxl) | | m2 | 06-04 | 0,00 |
| BALISE | (U) | | U | 06-05 | 0,00 |
| PANNEAU DIRECTIONNEL / LOCALISATION | (U) | | U | 06-06 | 1,00 |
| BARRIERE DE PLUIE | (U) | | U | 06-07 | 1,00 |
| INTERVENTION PONCTUELLE | | | | | |
| **SERIE 7 / PRODUCTION MATERIAUX** | | | | | |
| FOURNITURE D'EAU | | | m3 | 07-01 | 0,00 |
| TRANSPORT D'EAU (d> 1000 m) | | | m3xkm | 07-02 | 0,00 |
| SABLE RIVIERE | | | m3 | 07-03 | 0,00 |
| GRAVILLONS 5/25 POUR BETONS | | | m3 | 07-04 | 0,00 |
| PIERRES 4/7 POUR EMPIERREMENT | | | m3 | 07-05 | 0,00 |
| MOELLONS POUR PAVAGE 15x15x15 | | | U | 07-06 | 0,00 |
| MOELLONS POUR MACONNERIE 15x15x25 | | | U | 07-07 | 0,00 |
| CHARGEMENT MANUEL | | | m3 | 07-08 | 0,00 |
| PLUS VALUE TRANSPORT MANUEL (> 100 m) par tranche "T" de 50 m) | | | m3xT | 07-09 | 0,00 |
| PLUS VALUE TRANSPORT MECANISE (par tranche "T" de 500 m) | | | m3xT | 07-10 | 0,00 |








**ONG Lalana**

249, Route Circulaire. Antananarivo

MADAGASCAR

Tél : (261 20) 22 369 86 - Fax : (261 20) 22 366 31

GSM : 033 11 497 70 - 032 02 243 02

e-mail : lalana@lalana.org

Website : www.lalana.org

Blog : http://onglalana.wordpress.com

Fantatro ONG Lalana @Lalana_ONG


*En route pour le développement*